Fanapahan-dalana teo Ambohidahy 3

## Ny tahotra no lehibe indrindra

Jirama 7

## Miverina ny delestazy amin'ny alina


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabptsy 2 desambra 2023 Laharana 1502 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 3

## Mbola misy lalana hanavotana ny firenena

Ny Valosoa sy Hadihady 3

# Sarintsarim-pifidianana nanome sarintsarim-boka-pifidianana



Vondron'ny kandidà 11 2

# Fanafanan-tena no vita, hiditra amin'ny tena tolom-bahoaka amin'izay



Tsy vitan'ny mpitandro filaminana ny asany 2

# Mankany amin'ny habibiana tanteraka ny herisetra mitranga



Yoongs teny Ambohipo 6

# Tsy nosamborina fa marary mila fitsaboana hoy ny fianakaviany





Misaona ny basketball 6

## Nodimandry tampoka i Bomba

Karaté-Do tompondakan'i Madagasikara 5

## Hakotroka i Toamasina mandritra ny 4 andro

Daka kely



Tonga amin'ny tanjona nareo ry Boaikely, alohan'ny gisitra i Madagasikara a !

**VONDRON'NY KANDIDÀ 11**

# Fanafanan-tena no vita, hiditra amin'ny tena tolom-bahoaka amin'izay

Fanafanan-tena no vita tamin'ny volana novambra teo iny, fa hiditra amin'ny tena tolom-bahoaka amin'izay manomboka eto, hoy ny vondron'ny kandidà nanao fihaonambe teny amin'ny QG an'i Siteny Randrianasoloniaiko teny Andohan'i Mandroseza ny alakamisy teo. Tsy ho an'ny vondron'ny kandidà 11 irery intsony ny tolona hoy ihany ny mpitondra tenin'izy ireo, fa hitatra amin'ny sokajin'olona rehetra ary hitohy hiitatra manerana ny Nosy, miainga amin'ny fokontany, kaominina, distrika, mipaka amin'ny faritra. Nambara koa, voaporofo fa mitombona ary azo raisina ny fangatahana nataon'ny olom-pirenena rehetra sy ny vondron'ny Kandida, noho ireo hosoka sy tsy fanarahan-dalàna rehetra hita, tsy azo raisina ary tsy mitombona kosa ny didy izay ho avoakan'ny HCC. Misokatra ary miantso ny hery velona rehetra ny Vondron'ny Kandida 11 hitsangana sy handray ny andraikitra tandrify azy. Mijoroa ry mpiasam-panjakana, satria ianareo no tena fanjakana, fa tsy ireo manome baiko anareo hikarakara sarintsarim-pifidianana. Ho an'ny Mpitandro filaminana, aoka izay ny fanapoahana grenades, ilay hiranareo hoe "Feon'anjomara" no tianay ho re manomboka izao, satria ianareo no tandroka aron'ny vozona, miaro ny fiandrianam-pirenena sy ny vahoaka fa tsy ny mifanohitra amin'izany, miaro filoha vazaha, mamono vahoaka maneho hevitra. Voalaza fa : « mitohy ny tolona, tsy maintsy mandresy ary tsy maintsy firenena tena mahaleo-tena amin'izay i Madagasikara ».



*Ny vondron'ny kandidà 11, teny amin'ny QG an'i Siteny, teny Andohan'i Mandroseza.*

***Isambilo***

Filoha napetraky ny HCC

# Tokony handray fepetra hifampitokisana ho amin'ny fifampidinihana hoy ny Ambasady 9

Tao aorian'ny famoahana ny vokatry ny sarintsarim-pifidianana natao teto amintsika, ka namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) ny sarintsarim-boka-pifidianana ofisialy omaly, nanao fanambarana ireo Ambasady miisa 9 eto amintsika dia ny Vondrona Eropeana, ny OIF : fikambanam-paritry ny Francophonie, i Allemagne, i Korea, i Etazonia, i Frantsa, i Japon, i Royaume-Uni ary i Suisse, fa tokony handray fepetra hifampitokisana ho amin'ny fitohizan'ny fifampidinihana ny filoha vaovao napetraky ny HCC, indrindra ho amin'ny ho avy amin'ny fanaovana ny fifidianana ben'ny tanàna, sy ny mpanolotsainan'ny kaominina ary ny fifidianana depiote. Izany fepetra izany dia tokony hisy ny soso-kevitra sy fanakianana nataon'ireo mpanara-maso avy eto antoerana sy avy any ivelany amin'ny fanatevenana ny lafiny lalàna sy ny fanatsarana ny tontolon'ny fifidianana. Hiarahiasa amin'ny filoha napetraky ny HCC izy ireo, ho amin'ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara ary handraisan'ny rehetra anjara, ao anatin'ny filaminana sy ny fanajana ny zon'olombelona.




*Ireo Ambasady 9 nanao fanambarana.*

***Isambilo***

CENI

# Nanomboka omaly ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana

Nanomboka omaly 1 desambra indray, ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana eto amintsika izay ataon'ny CENI, vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana. Toy ny mahazatra isan-taona, manomboka ny volana desambra ka hatramin'ny volana mey ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy, hatramin'ny 14 mey 2024 izany ny fanavaozana manaraka izany. Ny olom-pirenena feno taona sy manana karapanondrom-pirenena malagasy tsy mbola mpifidy hatramin'izay sy ny mpifidy nifindra monina ary ireo mahafeno fepetra nefa tsy voasoratra anarana nandritry ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy teo no voakasika an'izao, hoy ny CENI. Nampahatsiahy ny CENI, fa zo ny mifidy ary adidy ny misoratra anarana anaty lisi-pifidianana. Rafitra anisan'ny be mpanakiana eto amintsika amin'izao fotoana ny CENI, noho ireo tsy fahatomombanana samy hafa nataony momba ny fikarakarana fifidianana teo, sy ny lisi-pifidianana ary ny momba ny voka-pifidianana, voka-pifidianana izay nambaran'ny maro fa ''fôpla'', mba tsy ilazana hoe ampoka hosoka. Rafitra mila hovana ny mpikambana ao aminy, mba tsy hitanila intsony.

***Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Tsy vitan'ny mpitandro filaminana ny asany

### Mankany amin'ny habibiana tanteraka ny herisetra mitranga

Tsy misy andro na alina tsy andrenesana asan-jiolahy eto amin'ny firenena, na ambanivohitra na an-tanàndehibe, amin'izao fotoana izao. Mitatitra isan'andro ny haino vaky jery maro. Mirongatra ny asan-jiolahy sy dahalo. Ratsy tanteraka ny fandriampahalemana eto amin'ny firenena, tsy lavina efa nisy tato anatin'ny taona maro izany, na tato anatin'ny folo taona farany, na indrindra tao anatin'ny dimy taona farany nitondran-dRajoelina. Ilay asan-jiolahy na dahalo ao anatin'izany dia feno habibiana matetika, izany hoe ahenoina vono olona mahatsiravina. Tsy mbola fahita taona maro tany aloha tany, izany hoe fikapahandoha olona izay miseho lany izany, ny fakàna takalon'aina sy herisetra amin'ny endriny samihafa toy ny fanolanana, fakàna voamaso, fakàna taova, sns... Efa tena mankany amin'ny habibiana tanteraka ny herisetra mitranga.

Iza no tompon'andraikitra voalohany amin'izany ? Ireo lazaina ho mpitandro filaminana, dia ny polisy ny zandary ary miaramila. Ireo no nilaza sy nianiana ho an'ny tanindrazana, ho tandroka aron'ny vozona ary hiaro ny vahoaka sy ny fananany. Miharihary tanteraka fa tsy nahavita ny asa sy ny andraikitra nampiandreketina azy izy ireo matoa tonga amin'izao tranga izao ny toe-javamisy. Ny nanakaramaina an'ireo anefa dia ny hiaro ny vahoaka sy ny fananany. Azo lazaina mihitsy ho maty antoka ny vahoaka fa ny olona ampiasainy iandraikitra ny fiarovana azy tsy mahavita ny asany, ny mpitondra hala-bahoaka sy ny vahiny indray no toa arovany. Iaraha-mahalala, fa feno jeneraly eto amin'ity firenena ity, ary i Madagasikara angamba no anisan'ny firenena be jeneraly indrindra. Niha- nitombo isa izy ireo tao ambadiky ny taona 2009 – 2010 nisian'ny fanonganam-panjakana notarihan-dRajoelina. Miharihary anefa fa tsy nahavaha olana amin'ny tsy fandriampahalemana izy ireo, izao iaraha-mahita sy miaina izao ny fijalian'ny vahoaka malagasy. Karazany very fotsiny ny volam-bahoaka.

Ny manorisory ny olom-pirenena maro, dia mivangongo eo afovoan-tanàna: manoloana ny Lapan'ny tanànan'Antananarivo na ny Kianjan'ny 13 Mey sy Analakely fotsiny ary mandany andro mitango lalitra eo, na milalao finday, na milalao fotsiny no ataon'izy ireo isan'andro. Ny baiko nomena azy ireo: hiandry vahoaka haneho hevitra hidina an-dalambe ho eo. Vahoaka mitondra tanam-polo anefa. Aleon'izy ireo manempotra amin'ny gazy lakrimôzena, mandratra mandatsa-drà, mitifitra, misambotra sy managadra, mamono ireo vahoaka ireo, toy izay very tombontsoa manokana. Iaraha-mahalala, fa fiarovana seza sy tombontsoa manokana no hamonoana vahoaka toy izany, fa hamaivanina ny ady amin'ny jiolahy sy dahalo manerana ny faritra maro eto amin'ny Nosy. Vahoaka poretina, vonoina, gejaina, tampenam-bava, fa izay mihetsika sy sahy miteny samborina, anaovana ramatahora, gadraina, sns… izany no misy eto amin'izao fotoana izao. Tafidi-doza ny firenena malagasy.

***Sôh'son***




*Ny foiben-toeran'ny CENI eny Ivandry.*

Ny Valosoa sy hadihady

## Sarintsarim-pifidianana nanome sarintsarim-boka-pifidianana

Araka ny efa niaraha-nahita sy nandre, ny vokatry ny sarintsarim-pifidianana vonjimaika navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (Ceni) herinandro lasa izay, fa mandresy amin'ny salan'isa 58,9% ny kandidà frantsay Andry Nirina Rajoelina. Ny Vondron'ny kandidà iraikambinifolo etsy an-kilany dia nanao ny ezaka rehetra nanamafy fa toy ny tsy nisy iny fifidianana iny, noho ny tsy fahatomombanan'ny fikarakarana izany. Nihaona tamin'ireo Vondrona Iraisampirenena ihany koa izy ireo nanaporofo ny tsy fanarahan-dalàna nialoha sy nandritra ary aty aorian'ny fifidianana. Ny alarobia lasa teo dia nanome ny porofo rehetra momba ireo hala-bato sy tsy fitoviana ao anatin'ny fitanana an-tsoratra fanovana tany amin'ireo biraom-pifidianana maro, ka nangataka ny fampitahana izany (confrontation) teo anivon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, kanefa dia nolavina izany. Nitsikera ireo tsy fanarahan-dalàna sy fanaparam-pahefana nitranga tany amin'ireo biraom-pifidianana ihany koa ny Fikambanana nanao fanaraha-maso Safidy. Nanao fandrahonana ny « mpitandro ny filaminana nasionaly », fa tsy azo atao ny mivorivory sy maneho hevitra tamin'ny ankatoky ny famoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny sarintsarim-boka-pifidianana ofisialy. Ny sarintsarim-pifidianana tokoa raha ny lojika dia manome sarintsarim-boka-pifidianana. Tsapa avy amin'izany ankehitriny, fa tsy miaro ny Firenena sy ny vahoaka ny foloalindahy, fa miaro ny kandidà frantsay ary hiray tsikombakomba amin'ny fanjanahana an'i Madagasikara indray. Tsy misy ary tsy hisy vazaha frantsay hiaro ny tombontsoan'ny olompirenena Malagasy, sy ho saropiaro amin'ny harena eto Madagasikara izany. Nanao fianianana i Andry Nirina Rajoelina fa hiaro ny tombontsoan'i Lafrantsa rehefa nomen'ny frantsay ny zo maha olompirenena frantsay azy, rehefa ninia nangataka izany. Voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenena Malagasy, fa tsy maintsy mizaka ny zompirenena Malagasy izay mirotsaka ho filoham-pirenena koa raha fanjakana tan-dalàna ny mijoro eto Madagasikara dia tsy ho kandidà mihitsy i Andry Nirina Rajoelina ary tamin'ny fanambarana ny voka-pifidianana nataon'ny Hcc dia tokony ho foanana ny vatony. Ny farafaharatsiny azo ekena dia ny fampitahana ny vokatra voarakitra ao amin'ireo fitanana an-tsoratra voarain'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (Ceni), sy ny eo am-pelatànan'ny kandidà nandray anjara tamin'ny fifidianana. Tsy nifanalavitra tamin'ny tarehimarika navoakan'ny Ceni ny navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Na inona na inona didy tsy azo ivalozana avoakan'ny Hcc amin'ny fomba ofisialy dia « ara-dalàna » angamba izany, fa tsy hahazo ny fankatoavan'ny Malagasy (légitimité) na rahoviana na rahoviana. Entina manaporofo izany ny olona « nandatsa-bato » ho an'i Andry Nirina Rajoelina (tsy resahina ny fanovana ny biletà tokana sns,…). Na tiana na tsy tiana dia tsy hilamina ity Firenena ity raha mbola miziriziry hizotra amin'izao làlana mamarina ny Firenena any an-kady izao ny mpitondra. Marary ny toekarena, ny fiainana ara-tsosialy ary ny sehatra politika. Tsy afaka misaina ny tena fampandrosoana ny Firenena mihitsy ny mpitondra, fa variana amin'ny fifikirana eo amin'ny fahefana sy ny fangoronam-bola. Tsy izao fitondrana izao no manana ny fahaizana sy traikefa entina mitsabo ny Firenena, satria ao amin'izy ireo mihitsy ny viriosy ka miezaka izy ireo hamindra izany amin'ny olompirenena maro. Tsy hanaiky izany ny olompirenena Malagasy saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena sy ny fiverenana amin'ny firenena tan-dalàna ary ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsipiky ny Zompirenena. Ho mafy ny tolona, izay miofo ho tolom-bahoakaka ary ny hery rahateo tsy mahaleo ny fanahy.

***Andry Tsiavalona***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

## Mbola misy lalana hanavotana ny firenena

Ho aiza no hiafaran'i Madagasikara raha amin'izao zotran-dalany izao ? Fanontaniana mipoitra eo am-bavan'ny olom-pirenena maro izany ankehitriny. Ny saika iombanany dia tsy mahita valin-teny mazava, satria tsy mbola fahita tao anaty taona maro ny zava-misy eto amin'ny firenena. Ny hita soritra amin'ny maro, dia hakiviana, indrindra ireo zokinjokiny sy raiamandreny maniry hahita firenena vanona sy mendrika ary tsy mena-mitaha amin'ny firenen-kafa. Hakiviana ihany koa satria tsy misy tanjony, fa mandeha amin'izay lalany fotsiny ny firenena, toy ny sambo tsy misy seranana hitodiany. Zary lasa mivenjivenjy manaraka izay onjany fotsiny. Ny dikan'izany, ho lany andro sy ho very fotoana fotsiny ny firenena ary ho volan-kankafotra no ho hita eto.

Tsy vitan'olon-drery na olom-bitsy ny fanavotana ny firenena, fa mitaky ny fandraisan'andraikitry ny olom-pirenena rehetra na ny vahoaka manontolo. Toerana sarotra no misy ny firenena amin'izao fotoana izao ary tsy misy afaka handà izany. Voadona sy potika avokoa ny sehatra rehetra, ary misy fahalovana manomboka any amin'ny faratampony ka hatrany amin'ny ambaratonga ambany, indrindra amin'ny rafi-pitantanana ny firenena. “Marary” ny fiainam-piarahamonina, ary hihamafy aza izany miditra amin'izao volana farany amin'ny taona izao. Efa maro no kivy amin'ny zava-misy.

Mbola misy ihany anefa ny vahaolana. Iray lehibe amin'izany ny tsy maintsy hanaovana fiaraha-midinika ny hery velona rehetra tsy an-kanavaka. Tsy vitan'olon-drery na olom-bitsy na mpanefoefa aza ny fanarenana ity firenena ity. Mila mandray andraikitra avokoa ny olom-pirenena. Anisan'ny fikambanana efa mitondra ny anjara birikiny amin'izany ny Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Efa nisy ny asa nataony amin'izany, ary ny tena tombony lehibe ananany dia efa eo am-pelatanany tanteraka ny fitaovana ahafahana manavotra ny firenena. Manana ny lalana ho amin'izany izy, fa ny andrasany dia ny fijoroana, fandraisan'andraikitra ary fiaraha-mientan'ny olom-pirenena miaraka aminy. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

FANAPAHAN-DALANA TEO AMBOHIDAHY

## Ny tahotra no lehibe indrindra

Tapaka ny lalana teo Ambohidahy manodidina ny HCC : fitsarana avo momba ny lalampanorenana omaly, noho ny famoahana ny vokatra ofisialin'ny sarintsarim-pifidianana natao teto amintsika ny 16 novambra lasa teo. Ny tahotra no lehibe indrindra, nahatonga ny tompon'andraikitra nanapaka izany lalana izany hoy ny mpanara-baovao maro, tahotra ny hisian'ny hetsika ho fanoherana izany sarintsarim-pifidianana izany sy ny vokany. Noho ny tsy fahatomombanana sy ny hosoka tamin'iny fifidianana iny, tsy vitsy ireo milaza ny tokony hanafoanana iny fifidianana iny. Niteraka fitohanana goavana tamina toerana maro teto an-drenivohitra anefa izany fahatapahan-dalana teo Ambohidahy izany : toy ny teny Andavamamba, Ampefiloha, Anosy, Anosibe, Ankadimbahoaka, Ambohijatovo. Nitombo vokatr'izany ny fandaniana solika, ho an'ny mpitatitra sy ny mpampiasa fiara.



*Fitohanan'ny fifamoivoizana omaly hatrany Ankadimbahoaka.*

***Niaina***

TONONKALO

### Iaoranjy lo tsy azo ekena

Tena tsisy mahataitra ny amin'ny voka-pifidianana,
F'efa hita tany aloha ireo tsy fahatomombanana.
Kandidà tsy nahafeno izay voalazan'ny lalàna
No nanaovana amboletra mba handray ny fiaingàna !

Vokany dia tsy mitombina ary tokony hofoanana
Fa manimba saina fotsiny ity nambara ho fifidianana.
Ny mpitsara dia efa tazana fa nanana ny niandaniany,
Ny komity koa mampiaiky fa indreo manao izay tiany !


Irony vokatra navoaka, na dia mbola vonjimaika,
Dia efa hita fa maneho ny teti-dratsy sy ny paika.
Indreo ny kandidà rehetra fa nezahina nantsoina,
Saingy Rainilainga irery no indro hita fa nanoina !

Ary dia nisolantsolana naka seza teny aloha
Fa efa dodona sy maika hisalotra ny maha-filoha.
Kinanjo indrisy tsy hahazoany voninahitra aman-dera,
Fa mihosina maloto ka dia maro mpitsikera !

K'aoka isika tsy ho taitra ny amin'ny voka-pifidianana,
F'efa indreo mandrovi-tsihy ireo ho very fihinanana !
Ny vahoaka tsy hanaiky fa tsy maintsy hampiaka-peo,
Raha mbola hoe « laoranjy lo » no atao an-tery hapetraka eo !

***TSIMIMALO (29-11-23)***

PRIERE AU SACRE CŒUR




**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ny Antso R.**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tahiry A.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonambe nataon'ny vondron'ny kandidà 11, teny amin'ny QG ny kandidà Siteny, teny Andohan'i Mandroseza ny alakamisy teo.**

















## NY TENY FIAINANA

*"Izay mampidi-doza amin'ny ankohonany dia mandova ny rivotra; ary ny adala dia tonga mpanompon'ny hendry."*

***Ohabolana 11:29***

« FIBA 3x3 AFRICA CUP LE CAIRE 2023 »

# Efa niatrika fifaninanana omaly ny Ankoay 3x3

Efa any Egypte ankehitriny ary niatrika fifaninanana omaly zoma 01 desambra 2023 tao Le Caire ny Ankoay 3x3 lahy sy vavy. Tamin'ny «16h25 » no no niakan-tsehatra voalohany ny Ankoay lehilahy ka nikatroka tamin'ny ekipam-pirenen'i Maroc . Tamin'ny « 18h15 » kosa no niakatra kianja voloalohany ny Ankoay vehivavy nifanandrina tamin'i Maroc ary niverina niakatra kianja indray tamin'ny « 19h50 » nikatroka tamin'i Kenya. Tsiahivina fa anio sabotsy 02 desambra dia amin'ny « 17h00 » sy amin'ny 22h05 » indray ny ankoay vehivavy no hifanandrina amin'i Bénin sy Kenya eo amin'ny andro faharoan'ny fifaninanana ary amin'ny « 18h15 » ny ankoay lehilahy no hifampitana amin'i Bénin. Fantaro aloha ireo ekipa lehilahy miisa 10 sy ekipa vehivavy miisy 10 ihany koa mandray anjara amin'ity fifaninanana ity : Sokajy lehilahy Pool A : Egypt, Algeria, Uganda, Nigeria, Senegal, Pool B : Benin, Kenya, Madagascar, Morocco, Mali. Sokajy vehivavy Pool A: Egypt, Uganda, Algeria, Mali, Senegal, Pool B: Benin, Kenya, Madagascar, Morocco, Nigeria.



*Ankoay lahy sy vavy any Egypte.*

***Rainilita***

Karaté-Do, ho tompondakan'i Madagasikara

# Hakotroka i Toamasina mandritra ny 4 andro

Hakotroka indray ny tanànan'i Toamasina mandritra ny 4 andro (alakamisy 30 novambra ka hatramin'ny alahady 03 desambra 2023), amin'ny fandrasaina ny fiadiana ny ho tompondakan'ny karaté-do 2023 any antoerana. karatékas manodidina ny 250 isa ao amin'ny sokajy «cadette», «junior», «sénior dames et hommes» avy amin'ny ligim-paritry ny karaté-do miisa 18 misy hiaraka amin'ny klioban'Cosfa sy Cospn no hikatroka ny «kata» sy «kumité individuel et par équipe» amin' izany . Ny fanofananana «stages techniques . (nandritra ny roa andro voalohany) an'ireo mpikatroka sy mpanazatra ary mpitsara, tao amin'ny kianja mitafo Soavita Toamasina no nanombohana ny hetsika. Tanjona manokan'ity fifaninanana ity ny fitsirihana an'ireo mpikatroka sokajy « cadet » sy ny mpikambana handrafitra ny ekipam-pirenena zandriny hisolo tena an'i Madagasikara any amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena isan-karazany amin'ny taona ho avy 2024. Fifaninanana lehibe miisa 4 farafahakeliny no miandry ny atleta Malagasy mandritra ny taom-pilalaovana 2024 ka anisan'izany ny fifaninanana natokana hoan'ny zokiolona ao amin'ny «Serie A» hatao any Athènes (Grece) amin'ny 12 ka hatramin'ny 14 janoary 2024 sy ny « Open de Paris », hatao amin'ny 26 ka hatramin'ny 28 janoary 2024. Hiatrika fampivondronana voalohany, araka izany, ireo mpikatroka voafantina amin'ity fifaninanam-pirenena ity amin'ny faha-23 desambra 2023 ho avy izao, Marrihana fa ity hetsika ity no fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara voalohany karakarain'ny mpikambana vaovaon'ny FMK.



*Karaté-do Malagasy.*

***Rainilita***

Tsipy kanetibe Malagasy

# Hisolo vonjimaika an'i Amiroudine i Heriniaina

Hisolo vonjimaika ny filoha Andriamilerosason Amiroudine ny filoha lefitra voalohany, Rasolonirina Heriniaina, eo amin' ny fitantanana ny FSBM « « Federation Sport Boules Malagasy » noho iry voalohany nosazian'ny FIPJP « Fédération Internationale de Pétanque et Jeu Provençal » izay nivory tamin'ny 22 novambra 2023 teo roa taona tsy hahazo hitantana an'io rafitra io. Voalaza tao amin' ny valan-dresaka hoan'ny mpanao gazety nataon'ity FSBM ity tetsy amin'ny Ans Ampefiloha tamin'ny alarobia 29 novambra 2023 lasa teo no nahafantarana fa noho ity filoha ity tsy nanaiky ny zavatra napetraky ny FIPJP dia ny handraisana an-dRtoa Irma ho mpikambana ao amin'ny FSBM sy ny fanalana an-dRtoa DGS eo amin'ny toerany. Manankery avy hatrany ity fanapahan-kevitra ity mandra-pivoaran'ny toe-draharaha.



*Mpikambana FSBM.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anandrano indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra izany, na somary atao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny ravim-bomanga

Ny soa azo avy amin'ny ravim-bomanga indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Anisan'ny fanafody izy, manasitrana aretina toy ny: rera-dava, sempotra, aretim-po, miaro amin'ny fisian'ny AVC, ny fahatapahan'ny lalan-drà, kohaka tsy mety afaka, poizina ao anaty, famosaviana, taova mikorontana na tsy miasa tsara, areti-mandringana.

NY FAMPIASANA AZY :

Ravimbomanga 7 isa diovina tsara dia ampangotrahana amin'ny rano 5 litatra mandritra ny 7 minitra. Bataina avy eo dia maka 3 kaopy kafe ka atokana sy avela ho matimaty dia sotroina 1 kaopy avy: maraina, atoandro, hariva.

Ny ambiny avy nakana ilay 3 kaopy kosa ievohana. Rehefa vita ny evoka dia iny rano iny handroana (rehefa zakan'ny vatana), ka miainga any amin'ny loha ka hatrany am-paladia (tsy mampiasa Savony,tsy azo tampohina rano). Atao 3 andro misesy ireo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambalavolo distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambalavolo distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambalavolo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Vatomandry. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny voankazo : akondro, manga, letchi, ampalibe. Ny vokatra fanondrana toy ny jirofo, ny lavanila, ny kafe.



### LIGIN'NY BAOLINA KITRA ANALAMANGA SY CFEM

# Niarahaba ny filohan'ny FMF vaovao teny Isoraka

Tonga niarahaba tamin'ny fomba ofisialy ny Filohan'ny FMF vaovao, Randriamanampisoa Afred, teny amin'ny foiben-toerany eny Isoraka, tamin'ny talata teo, amin'izao fandraisany ny fitantanana ny Federasiona izao, ny ligin'Analamanga eo amin'ny baolina kitra, notarihan'ny filohany sy ireo rantsamangaika rehetra ao aminy (sections, clubs, sns…). Nampanantena ny filohan'ny Federasiona, fa hijery sy hamaha ny olana izay mety ho sedrain' izy ireo ary hisy ihany koa ny fampitaovana sy ny fampiofanana isan-karazany (arbitres,...) hatao amin'izany. Hiezaka hatrany ny FMF hanampy an'ireo ligy rehetra manerana ny Nosy ho amin'ny fampandrosoana ny Baolina Kitra Malagasy, hoy ny feo heno teny Isoraka tamin'io andro io. Tonga namita ny adidiny , niarahaba an 'ity filoha vaovaon'ny Federasiona Malagasy ny Baolina Kitra vaovao ity ihany koa tamin'io andro io ny CFEM, izay tarihan'ny filohany ihany koa, notronin'ireo filohana klioba ao aminy . Nambaran'ny filohan'ny CFEM, fa tsy ho ela dia hiroso amin'ny fanavaozana ny fifanarahana izay ifanaovany ny CFEM sy ny FMF ary hanomboka tsy ho ela ihany koa ny finaninanana Pro League 2023-2024, hoy izy.



*Ny rantsamangaikan'ny Ligy Alfa teny Isoraka.*

***Rainilita***

### Youngs teny Ambohipo

# Tsy nosamborina fa marary mila fitsaboana hoy ny fianakaviany

Nandeha be tamin'ny tambazotran-tserasera omaly, fa nosamborina ny mpanakanto Youngs, araka ny nambaran'ny fianakaviany anefa, ny fianakaviana ihany no tonga teny an-toerana nitondra mpitandro filaminana, satri a marary mila fitsaboana i Youngs hoy izy ireo ary ny nitondrana ireo mpitandro filamianana dia noho ity mpanakanto ity lasa nahery setra noho ny mahazo azy. Arak'izany, olona fantany sy fianakaviany ihany ny tonga tao aminy nolazainy fa saika hanafika azy. Nihàtrana teo ivelany nanatrika ny zava- nisy fotsiny ihany ny mpitandro filaminana , nijery ny zava- nisy, fa tsy nisambotra azy... Ny Ray aman- dreniny no voalaza fa niantso ny mpitandro filaminana, satria somary mahery setra i Youngs no somary mikorontana. Manana olana mihitsy Youngs, hoy ny rainy, ka haka azy handeha hotsaboina no anton- dia tao, fa tsy mpitandro filaminana nisambotra izany.

***Niaina***



*Ny mpanakanto Youngs.*

### UEFA Champion's League 2023.2024

# Amin'ny faha-12 sy faha-13 desambra indray mihaona




*UEFA Champion's League 2023.*

Amin'ny talata 12 sy alarobia 13 desambra 2023 indray ny fotoana manaraka, hitohizan'ny fifaninanana baolina kitra «UEFA Champion's League 2023.2024 » dia ny fanatanterahana ny andro faha-6 amin'ny fifaninanam-bondrona. Vokatra rehetra tamin'ny andro faha-5 : Lazio Rome 2 – 0 Celtic Glasgow. Fenyaoord Rotterdam 1 -3 Atlético de Madrid. Ac Milan 1 – 3 Borussia Dortmund . Paris-Sg 1 – 1 Newcastle. Manchester City 3 – 2 RB Leipzig. Young Boys Berne 2 – 0 Etoile Rouge Belgrade. Chakhtior Donetsk 1 – 0 Royal Antwerp, Fc Barcelone 2 – 1 Fc Porto, , Galatasaray 3 – 3, Manchester United, Séville 2 – 3 PSV Eindhoven, Bayern 0 – 0 Copenhague, Real Madrid 4 – 2 Naples, Real Sociedad 0 – 0 RB Salzburg, Milan 1 – 3 Dortmund, Barcelone 2 – 1 Porto, Braga 1 - 1 Union Berlin, Arsenal 6 – 0 Lens, Benfica 3 – 3 Inter.

***Rainilita***

### Misaona ny basketball

# Nodimandry tampoka i Bomba

Misaona ny fanatanjahantena Malagasy, indrindra ny basikety, nindaosin'ny fahafatesana tampoka teo amin'ny faha-47 taonany tamin'ny alakamisy 30 novambra 2023 teo Randriamanalina Herilanto dit Coach BOMBA, mpanazatra ny klioba Ascut Toamasina, sy efa nanazatra kliobana basikety maromaro ihany koa, no efa nanazatra ny Ekipam-pirenena Malagasin'ny taranja basket-ball izy. Fantatra fa rahampitso alahady 03 desambra ho avy izao eny amin'ny fasan-drazany eny Itaosy Antananarivo, no handevenenana ny nofo mangatsiakan-dRatompokolahy. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valososa Vaovao manokana dia miara-miombon'alahelo sy mampahery ny ankohonana nilaozan'i Herilanto sy ny fianakaviany manontolo ary ho an'ny tontolon'ny basikety sy ho an'ny mpitia an' ity taranja ity rehetra.

***Rainilita***



*Coach Bomba fony fahavelony.*

### Basket-ball

# Fiofanana « Young Coach » any Antsirabe

37 mianadahy dimy no miatrika fiofanana Young coach eo amin'ny basikety any Antsirabe faritra Vakinankaratra. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny alatsinainy 27 novambra 2023 tao amin'ny kianja mitafo Vatofotsy Antsirabe, ka haharitra 7 andro ny fiofanana mpanazatra basikety "Young Coach 2023", andraisana mpiofana miisa 37 mianadahy (vehivavy 19, lehilahy 18) avy amin'ny ligim-paritry ny basikety miisa 5 anjara (Analamanga, Amoron'imania, Matsiatra Ambony, Menabe ary Vakinanlaratra). Tonga nanokatra an'ity fiofanana ity ny solontenan'ny Ligy Vakinankartra (SG) sy ny Filohan'ny CEBB rejionaly Vakinankaratra ary marihina fa ny FMBB sy ny ligim-paritry ny basikety Vakinankaratra ary ny CEBB, no tompon'antoka amin'ny fikarakarana an' ity fiofanana ity izay irahana amin'ireo mpampiofana toa an-dRazafiarivony Angelot (Instructeur-DTN FMBB) sy Rtoa Randrianjatovo Helina (Instruceur).



*Mpiofana Young Coach any Antsirabe.*

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/12/2023 hatramin'ny 09/12/2023**

- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 78 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 79 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Arret bus Ankadifotsy) 032 07 314 01/034 22 222 07/038 22 314 01
- **TANA** (Antsahavola) 020 78 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1502-12-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**JIRAMA**

# Miverina ny delestazy amin'ny alina

Miverina ny fanapahan-jiro, na ny delestazy amin'ny alina, araka ny fanambarana nataon'ny tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny sehatry ny angôvo eto amintsika. Hiroso indray amin'ny fahatapahan-jiro mifandimby ny Jirama, manomboka amin'ny 12 ora alina ka hatramin'ny 4 ora sy sasany maraina, araka ny fanambarana nataon'ny minisitry ny angôvo sy ny akoran'afo, Solo Andriamanampisoa. Araka ny fanazavana : tsy misy afatsy 40 MW ny rianaratra vokarin'ny tohadrano ao Andekaleka amin'izao fotoana, raha toa ka tokony hamokatra 120 MW izany. Tsy ampy ny rano ao amin'ny riandrano ka tsy ahazoana ny vokatra ilaina. Tsy maintsy miroso amin'ny fahatapahanjiro mifandimby noho izany ny orinasa Jirama, hanamaivanana ny vesatra ao anatin'ny kitapombolam-panjakana, hoy hatrany ny fanazavana.

***Niaina***




Fampisakafoanana

# Tafarina tamin'ny fahamaizany ny Phô Resto Bel'Air




***Ny Phô Resto etsy Bel'Air.***


Ahiana ho nisy nandoro avy ao amin'ny sekoly izay mifanila aminy ny toeram-pampisakafoanana Phô Resto etsy Bel'Air Ampandrana. Tafarina tamin'izany fahamaizany izany ity orinasa ity amin'izao fotoana, ka nisokatra nanomboka omaly. Manan-tantara ny datin'ny androany 1 desambra 2023 hoy ny tompon' andraikitra satria fiaingana vaovao, fahaterahana vaovao taorian'ny loza mampiahiahy nahamay tanteraka ny lakozia sy ny toerana manodidina azy, tao amin'ity trano fampisakafoanana ity ny alin'ny zoma 27 hifoha sabotsy 28 oktobra lasa teo. Nahandro tena Malagasy toa ny henankisoa sy amalona, hen'omby ritra, saosisin'i Sambaina no hita ao, sy ny maro hafa, fa mbola eo ihany koa ny sakafo vahiny toa ny lasopy Phô vietnamianina. Efa 4 taona no nisokafan'ity toerampampisakafoanana ity.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 451**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0500)


***Mitsivalana***

- Miantoka
- AS – (G)ar(a)
- Namboly
- Dia – Nana
- Anilanao
- Kaki
- Akanga (miv)

***Mitsangana***

- Mandaka
- Isaina
- Maika
- Lig(y)
- Taona
- Lanja
- Kaina
- AR – Aoka

## TENY MIFANAPAKA N° 451




**Mitsivalana**

**1.** Karazana fitaterana **2.** Ajanona, tsy raisina – Ao amin'ny garana **3.** Tanjaka – Fara mandimby **4.** Ao amin'ny datin'andro **5.** Sakafon-jaza – Fototenin'ny fiarovana **6.** Heloka (miv) – Isa Romana **7.** Kianteny – Hazandrano **8.** Fonenanay **9.** Rano maloto **10.** Tsy mazava – Mikoriana ao anaty

**Mitsangana**

**A.** Lahatr'isa, nomerao **B.** Fanahin'ny maty – Hekitara **D.** Foko **E.** Karazam-y – Hita ao amin'ny garazy **F.** Mampisafidy – Karazana anana **G.** Nanakaiky (miv) **H.** Hita ao amin'ny fery sy ny ratra – Vahoaka **I.** Solontena – Renirano **J.** Nasondrotra **K.** Tsirin-teny Iharana – Soloina

## Valiny Teny mifanaraka 0500

**Mitsivalana**

**1.** Oviala - Man **2.** Lavo - Toaka **3.** Ora - Ato **4.** Mivahiny **5.** Fahadimy (miv) **6.** Hoe - Tamana **7.** Ro - Nak(a) **8.** Vaovao (miv) - Ila **9.** No - Anay **10.** Mpiasa (miv) - Ala

**Mitsangana**

**A** Olombelona **B.** Vary - Soa (miv) **D.** Vehivavy (miv) **E.** Ao - Ma (miv) - Ory **F.** Ahitra **G.** (V)at(o) - Mivoady (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Matihanina **J.** Ako - Lalàna (miv) **K.** Na - Afaka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonambe nataon'ny vondron'ny kandidà 11, teny amin'ny QG ny kandidà Siteny, teny Andohan'i Mandroseza ny alakamisy teo.**









**Ny fitokanana ny fiangonana FJKM Sud Ambohipo, ao amin'ny kaominina Alasora Avaradrano, hatrehan'ny kandidà filoha Marc Ravalomanana. Loha-hevitra tamin'izany ny hoe :"ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara."Hebreo 10,24.**







